**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2020-1 681**
**ananganana ny Faritra momba ny Fiarovana sy ny Filaminana ary amaritana ny feni-kevitra mifehy izany.**

Ny Filohan' ny Repoblika,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny lalàna laharana faha-96-029 tamin' ny 6 desambra 1996 novana sy nofenoin' ny lalàna laharana faha-98-030 tamin' ny 20 janoary 1999 sy ny hitsivolana laharana faha-2010-004 tamin' ny 6 jolay 2010 anaovana ny Sata Ankapobe mifehy ny Miaramila,

Araka ny lalàna laharana faha-2016-005 tamin' ny 4 aogositra 2016 anaovana ny fandaminana ankapobe ny fiarovam-pirenena,

Araka ny lalàna laharana faha-2016-059 tamin' ny 17 janoary 2017 anaovana ny fandaminana sy ny anjara raharahan' ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovam-pirenena,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2019-061 tamin' ny 1 febroary 2019 manondro ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2019-1 407 tamin' ny 19 jolay 2019 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2020-070 tamin' ny 29 janoary 2020 novana sy nofenoin' ny didim-panjakana laharana faha-2020-597 tamin' ny 4 jona 2020 sy ny didim-panjakana laharana faha-2020-997 tamin' ny 20 aogositra 2020, anendrena ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2020-316 tamin' ny 11 marsa 2020 ananganana ny Etamazaoron' ny Tafika,

Araka ny tolokevitra avy amin' ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena,

Eo amin' ny Filankevitry ny Minisitra,

Dia mamoaka izao didim-panjakana izao :

TOKO VOALOHANY

**Ny amin' ny fananganana ny Faritra momba ny Fiarovana sy ny Filaminana *(ZDS)***

Andininy voalohany.– Atsangana eto Madagasikara ny Faritra momba ny Fiarovana sy ny Filaminana mifanaraka amin' ny faripiadidiana ara-pitondrana manokana amin' ny fandaminana ny Filaminana eto amin' ny Firenena sy ny Fiarovam-pirenena, manaraka ireto :

– *ZDS* Ankarana (Avaratra);
– *ZDS* Ankarafantsika (Avaratra-Andrefana);
– *ZDS* Tsiribihina (Andrefana);
– *ZDS* Tsiafajavona (Afovoany-Andrefana);
– *ZDS* Ikopa (Afovoany);
– *ZDS* Pangalana (Atsinanana);
– *ZDS* Andringitra (Afovoany-Atsinanana);
– *ZDS* Fiherenana (Atsimo-Andrefana);
– *ZDS* Matitanana (Atsimo - Atsinanana);
– *ZDS* Mandrare (Atsimo).

And. 2. – Ny famaritana ireo *ZDS* ireo sy ny toerana iorenan' ny toby fibaikona ny Kaomandin' ny *ZDS* tsirairay avy dia aseho anatin' ny tabilao eto ambany :

| Anaran' ny *ZDS* | Faritra mifanaraka aminy | Toerana iorenan' ny Toby fibaikoana |
|---|---|---|
| *ZDS* Ankarana (Avaratra) | DIANA - SAVA | Antsiranana |
| *ZDS* Ankarafantsika (Avaratra- Andrefana) | Boeny - Betsiboka - Sofia | Mahajanga |
| *ZDS* Tsiribihina (Andrefana) | Melaky - Menabe | Morondava |

| Anaran' ny *ZDS* | Faritra mifanaraka aminy | Toerana iorenan' ny Toby fibaikona |
|---|---|---|
| *ZDS* Tsiafajavona (Afovoany-Andrefana) | Bongolava- Itasy - Vakinankaratra - Amoron' i Mania | Miarinarivo |
| *ZDS* Ikopa (Afovoany) | Analamanga | Antananarivo |
| *ZDS* Pangalana (Atsinanana) | Alaotra Mangoro - Analanjirofo- Atsinanana | Toamasina |
| *ZDS* Andringitra (Afovoany Atsinanana) | Matsiatra Ambony - Ihorombe | Fianarantsoa |
| *ZDS* Fiherenana (Atsimo Andrefana) | Atsimo Andrefana | Toliara |
| *ZDS* Matitanana (Atsimo - Atsinanana) | Vatovavy Fitovinany - Atsimo Atsinanana | Manakara |
| *ZDS* Mandrare (Atsimo) | Anosy - Androy | Taolagnaro |

TOKO II

## Ny amin' ny fibaikona

And. 3. – Ny faritra momba ny fiarovana sy ny filaminana dia baikoin' ny Manamboninahitra Jeneraly na Manamboninahitra Ambony antsoina hoe «Kaomandin' ny Faritra Fiarovana sy ny Filaminana» *(COMZONE)*.

Izy dia manana ny laharan' ny Talen' ny Minisitera ary tendrena amin' ny alalan' ny didim-panjakana izay raisina ao amin' ny Filankevitry ny Minisitra.

And. 4. – Ny Kaomandin' ny Faritra momba ny Fiarovana sy ny Filaminana no misolo tena ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena amin' ny alalan' ny fanelanelanan' ny Lehiben' ny Etamazaoron' ny Tafika. Amin' izany, izy no miantoka ny fandaminana ny fiarovana ary mitarika ny lahasa miaramila rehetra izay tanterahina ao amin' ny faritra iandraiketany. Izy ihany koa no Kaomandin' ny tafika ao amin' ny fari-piadidiam-paritry ny faritra.

And. 5. – Ho fanatanterahana ny andraikitry ny Kaomandin' ny Faritra momba ny Fiarovana sy ny Filaminana dia manana :

- Foibe momba ny Lahasa iray,
- Delegasiona ny miaramila an' ny Faritra iray eo anivon' ny Faritra ara-pitondrana tsirairay avy.

And. 6. – Ny Foibe momba ny Lahasa dia ahitana ny vondrona misahana ny tetik' ady. Izy dia manana anjara raharaha :

- ny fanomezana ny zava-pantatra izay ilain' ny *COMZONE* amin' ny famaranana ny fanapahany;
- ny famadihana ny fanapahan' ny *COMZONE* araka ny laharana;
- ny fanarahana ny fanatanterahana ireo baiko ireo,
- ny fampahafantarana ny *COMZONE* mikasika ny toetoetra, ny filana ary ny fahafahan' ny vondrona sy ny sampandraharaha ary koa ny fampandehanan-draharahany.

TOKO III

## Ny amin' ny delegasiona miaramila any amin' ny Faritra

And. 7. – Ny delegasiona miaramila any amin' ny Faritra no misolo tena ny Minisitera miandraikitra ny Fiarovam-pirenena eo anivon' ny Faritra ara-pitondrana izay eo ambany fahefana araka ny ambaratongam-pifehezan' ny Kaomandin' ny Faritra momba ny Fiarovana sy ny Filaminana.

And. 8. – Izy dia tantanan' ny Manamboninahitra Ambony antsoina hoe « Delege miaramila any amin' ny Faritra» tendrena amin' ny alalan' ny didim-pitondrana izay ataon' ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena.

TOKO IV

## Fepetra farany

And. 9. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin' izay voalazan' ity didim-panjakana ity.

And. 10. – Ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no miandraikitra, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity izay havoaka amin' ny Gazetim-panjakan' ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 9 desambra 2020.

Andry RAJOELINA.

Avy amin' ny Filohan' ny Repoblika :

*Ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta,*

NTSAY Christian.

*Ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena,*
*Général de Corps d'Armée*
Richard RAKOTONIRINA.

*Ny Minisitry ny Toekarena*
*sy ny Fitantanam-bola,*
Richard RANDRIAMANDRATO.

*Ny Minisitry ny Atitany*
*sy ny Fitsinjaram-pahefana,*
Tianarivelo RAZAFIMAHEFA.